FILOHAN'NY CAF

# Kandidà 4 no hifaninana, voailika i Ahmad Ahmad

Kandidà miisa 4 amin' izao fotoana no fantatra fa mety hifaninana ho filohan'ny CAF, na ny Kaonfederasiona Afrikana amin'ny baolina kitra. Voailika ny solontenantsika Malagasy dia ny filoha teo aloha Ahmad Ahmad. Miisa 4 ireo kandidà izay nankatoavin'ny FIFA ny firotsahan-kofidiany ho Filohan'ny CAF:

- Patrice Motsepe (Afrika Atsimo).
- Jacques Anouma (Côte d'Ivoire).
- Ahmed Yahya (Mauritania).
- Augustin Senghor (Sénégal).

Ho fantatra tsy hoe ela ireo lisitra ofisialy, satria mbola misy ny fanadihadiana ataon'ny FIFA ho an'ireo kandidà tsirairay ho afaka hiatrika ny fifidianana ny 12 martsa ho avy izao any Maraoka.

**Lita**



*Ireo kandidà mety hifaninana ho filohan'ny CAF.*

Tranga

# Mpitondra toaka gasy sy vato malakita voasambotra

Mbola voarara hatramin' izao ny fitondrana toaka gasy. Mpitondra izany toaka voarara izany no saron'ny mpitandro filaminana tany Antsirabe, faritra Vakinankaratra. Toaka gasy 280 litatra, sy vato malakita tsy misy taratasy, milanja 1 taonina no tratran'ny polisy tao Antsirabe, izay nentina fiara fourgon niala avy any Manandriana, faritra Amoron'i Mania, hihazo an'Antananarivo. Nafenina tao ambany saribao amin'ny gony ireo zavatra nentina antsokosoko ireo. Natolotra ny sampandraharaha tandrify azy ny fanadihadiana momba ireo vato. Nampidirina "fourrière" ny fiara, hodorana kosa ireo toaka gasy rehefa voaloan'ny tompony ny lamandy mifanaraka aminy.

**Niaina**



*Ilay fiara nitondra toaka voarara sy vato tsy misy taratasy.*

Baolina kitra

# Efa nihazo an'i Mandritsara ny nofo mangatsiakan'i Gôly Be

Niala ny renivohi-paritra Sofia omaly maraina ny nofo mangatsiakan'i Gôly Be, na Rafalimanana Ferdinand, ilay mpiandry tsatoby nanana ny lazany tao amin'ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny baolina kitra, na Club M tamin'izany fotoana izany ary efa nihazo ny distrikan'i Mandritsara toerana handevenana azy. Fa talohan'izay, notsenaina tao Anjiabe ny razana talata tamin'ny 10 ora alina. Na dia tao anatin'ny alahelo aza izany dia niavaka ny fandraisana. Niaretan-tory nandritra ny alina tao amin'ny Maison des élus ny razana.

Samy naneho fiarahamiory tamin'ny fianakaviana navelan'i Tompokolahy avokoa ireo mpitondra tany an-toerana izay notarihin'ny Governoran' ny Faritra Sofia, ny Préfet d'Antsohihy, ny Ben'ny Tanàn'Antsohihy renivohitra Nasiry Ali, ireo talemparitra ary ireo olompanjakana. Tonga nitsapa alahelo sady nampionona ireo manamanjo ihany koa ireo mpilalao baolina kitra fahiny" vétéran", ireo mpitia fanatanjahantena izay notarihin'ny Filohany isan-tsokajiny.

Nandritra ny alina dia nifandimby namangy ny rehetra, teo ihany koa ny fijoroana vavolombelona mahakasika ny zava-bitan'i Tompokolahy. Natolotra ho an'ny fianakaviana ny vola voahangona tany Antsohihy ho faodranomason'ny velona. Any amin'ny renivohitr' Androna, any Mandritsara no hasitrika ny razana.

**Lita**




*Ny fialan'ny nofo mangatsikan'i Gôly Be tany Antsohihy omaly.*

67 ha

# Tratra ambodiomby ilay jiolahy saika hanendaka polisy

Izany tokoa no tonga amin'ilay fitenenana hoe: voalavo lahy sasatra ny miaina, ka saka matory no alam-bolombava. Izany no zavatra nitranga tetsy amin'ny 67 ha omaly maraina, jiolahy iray no tratra ambodiomby nanendaka mpitandro filaminana. Noraisim-potsiny tetsy amin'ny 67ha ity mpanao ratsy ity, polisy nanao fanamiana sivily no handeha ho endahiny, ka iny saika hanao ny asa ratsiny iny izy no voaambana basy tampoka, ka tsy afa-nihetsika intsony. Nentina nanaovana fanadihadiana avy hatrany teny amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana teny aminy faritra iny.

**Stefa**



*Ilay jiolahy sarona tetsy amin'ny 67 ha.*

Anosizato Atsinanana

# Trano lehibe vao amboarina nirodana, nisy ireo taraiky tao

Nisehoana loza mahatsiravina teny Anosizato Atsinanana ao amin'ny Boriboritany faha-4 eto Antananarivo renivohitra omaly maraina. Trano lehibe iray vao amboarina ana teratany karana no nirodana tamin'izany. Araka ny vaovao voaray, nisy ireo mpanao trano izay niasa nanao izany trano izany no taraiky tao. Araka ny vaovao farany voaray, 1 no namoy ny ainy nandritra izany, 7 naratra mafy. Nanao ny asany nanavotra ireo olona tototry ny vato sy ny beton tao ny mpamonjy voina. Tsy nanaiky fa tonga nijery ny havany ireo olona sasany manana fianakaviana niasa tao amin'ity trano vao amboarina ity. Araka ny fantatra, miorina ambony honahona ity trano ity, malemy ny tany, ka izay no heverina fa nampihotsaka azy.

**Stefa**



*Ilay trano vao amboarina, nirodana tetsy Anosizato Atsinanana.*